

AORaha

Zoma 09 Septambra 2011

Lah.: 1816 vidiny Ar. 200

5 Fialam-boly
Ao Raha

Z o m a 0 9 S e p t a m b r a 2 0 1 1

ERICK MANANA SY JENNY FÜHR

Hamarana ny fitetezam-paritra ao amin'ny Carlton

Taorian'ny fampisehoana roa teto Antananarivo sy ny efatra tany amin' ny faritra hafa, dia hofaranana etsy amin'ny Carlton Anosy, anio zoma 09 septambra izao manomboka amin'ny 9 ora alina ny fitetezam-paritra ataon'i Erick Manana sy Jenny Führl ary ny ekipany eto an-tanindrazana. «Noho ny fangatahan'ireo tsy nahita sy tsy tafiditra tao amin'ny Esca nandritra ny fampisehoana roa no anton'ny famerenana, sady famaranana ny fitetezam-paritra», hoy ny fanazavan'i Erick Manana. Fampisehoana izay hiarahany amin'ny Discovery Production, izay efa nikarakara ny seho natao tany Mahajanga ny 27 sy 28 Aogositra lasa teo. Anisan'ny nahavariana ireo nanatrika ny fampisehoana nataon'izy ireo ny fahaizan'i Jenny Führl nifehy tsara ny fiteny malagasy nefa izy dia teratany vahiny. Mpanakanto feno ihany koa anefa izy satria sady mihira no mitendry lokanga ary efa mahita rirany sahady amin'ny fitendrena valiha. Ankoatra ireo sanganasan'i Erick Manana izay ahitana hira vaovao sy ireo efa nahafantarana azy, dia hoentiny ireo amin'ity fampisehoana ity ihany koa ny sasany amin'ireo hira nahafantarana ny Lôlô sy ny tariny. Vahinin'izy ireo rahateo i Bebey.

Toy ny tamin'ny seho taloha, dia miara-dia amin'izy ireo ry Kaolibera (gitara, feo), Nini (gitara beso, feo), Solofo Bota (angorodao), Bariliva (valiha), Donné (amponga, langoroana), Sata (percussion) ary Titi (sax). Mbola ireo ekipa ireo ihany koa no hiaraka hanamasaka ny rakikira «2cv ndRandria» izay hovokarin'ny mi-Ritsoka Production.

